

FITIAVANA MIZARA

‘Generous Love’

The Anglican Consultative Council, London 2008

ISBN 978-0-9558261-0-8

Ny fahamarinan'ny Vaovao Mahafaly sy antso ho amin'ny fifanatonana sy fifampiresahana ary Teolojia Anglikana momba ny fifandraisana eo amin'ny antokom-Pivavahana samihafa.

traduction en Malgache fait par le Révérend Jaovita Vonjimihafoy
Ulrich, prêtre du Diocèse d'Antsiranana
Mars – Avril 2012

Tatitra avy amin'ny komity iraisan'ny Anglikana momba ny fifandraisana amin'ny antokom-Pivavahana hafa, ary navoakin'ny Anglican consultative council.

TENY MIHALOHA

Raha ny zava-dehibe no jerena amin'izao androtsika izao dia tena zava-dehibe sy mahamaika ny rehetra tokoa ny fifandraisana mety sy misy eo amin'ireo antokom-pivavahana lehibe misy eo amin'izao tontolo izao. Ny fivoarana ara-tsaina misy tato anatin'ny Roapolo taona dia maneho ny fifaninanana misy eo amin'ireo mana-pahaizana isan-tsokajiny ,manoloana ireo fivavahana samihafa;ary samy manambara fa mahalala ny tena marina sy ny anton-javatra miseho ankehitriny. Izany toe-javatra izany dia miseho amin'izao tontlo feno fiovaovana sy tena mitondra fangirifiriana ankehitriny izao.

Maro ireo Kristiana no sahiran-tsaina ny amin'ny hoe: hijoro sy hanambara amin'izao tontolo izao ny fitiavany Tompo sy Mpamonjy ary tsy azo ifampiraharaha izany.

Ny Fianganana katolika romana dia efa nahatsinjo mialoha, ka naneho tsinjon-kevitra_ara-teolojika vitsivitsy nandritra ny konsily vatikana faha roa izay afaka nanampy teo amin' ny fifanatona ao anatin'ny fitiavana sy fifampizarana teo anivon' ireo antokom-pivavahana samihafa. Saingy niova be ny toe-javatra nisy,na izany ara-teolojika na ara-piaraha-monina. Ilaina noho izany ny fananganana ireo venti-kevitra nitranga tato aoriana.

Izao boky izao dia maneho izany teo anivon'ny Fianganana Anglikana. Natao ho an' ny fiombonam-be Anglikana izy ary indrindra mba hanampy amin' ny fandalinana sy fikarohana ho an'ireo resy lahatra fa tsy maintsy ilaina ny fanatonana sy fifampiresahana amin'ny hafa ary tsy maintsy atao kosa ny fijoroana vavolombelona amin' ny maha kristianina.

Hafaliana ho ahy ny manentana antsika handinika sy hisaintsaina an'ity boky ity, mba ahitantsika aminny antsipirihany ny harena lehibe sy zava-tsarotra raketiny .

Mino sy manantena aho, fa ity boky ity dia hitondra antsika amin'ny fomba vaovao sy mahomby mba hamantatra ireo fomba sy antokom-pivavahana maro samihafa.

+ Rowan Williams arsevakany Kanterboria.

1-Miaraka amin'andriamanitra

Rehefa (mifanerasera)^{mivavaka} isika, na io kristianina na mpanaraka ireo Finoana sy fivavahana samihafa dia samy milaza fa Andriamanitra Tompo sy mahery ny Andriamanintsika. Hoy I Paoly tamin'ireo Grika tao atena, Andriamanitra no iavian'ny fiainana sy ny fihetsehana ary ny maha izy azy ny zavatra reotra; afaka milaz ny olona reotra fa “Tsy lavitra azy io Andriamanitra io”.⁽¹⁾ Tsy voafetra ny halebeazany ary tsy takatsika ny halalin'ny maha izy azy. Ny maha diso ny olombelona dia ny tsy fanekenany ny maha kely sy voafetra ny fahaizany sy fahalalany.

Inoantsika fa i Jesoa Kristy avy any Nazareta tamin'ny fiainany, ny fahafatesany ary ny fitsanganany dia nanambara ny marina momba an'Andriamanitra Ray, Zanaka, Fanahy Masina.

Ny fiainana tsy manampahataperana sy ny fitiavana tonga lafatra izay ivon' ny TRINITE no mijanona sy mandeha hatrany ho iraka ho antsika ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra telo izay iray, dia irahina isika hijoro vavolombelona hanambara an'Andriamanitra, sady ihany koa famantarana, fa ny fanoloran-tenatsika dia endriky ny fanatrehan'Andriamanitra eo anivon'ireo antokom-pivavahana samihafa.

Noho izany,

Dia miezaka isika haneho ny fitiavana mihoam-pampana avy amin' ny Ray.

Tamin'ny fahasoavany, ary samihafa no nanaovan' Andriamanitra izao tontolo izao:”Tompo ô, maro ny asanao ary tamin'ny fahendrena no nanaovanao azy rehetra”.⁽²⁾ Lahy sy vavy no namoronany atsika, ary nataony araka ny endriny, tiany ary nomeny ho antsika ny famonjeny, dia ny fiainana be dia be eo anatrehanany.⁽³⁾ Toy ny fitiavan'ny ray aman-dreny atsika no itiavan'andriamanitra atsika tsirairay; Antsoina ho masina atsika satria masina ny Raitsika⁽⁴⁾, resy lahatra isika fa tokony haneho izany fitiavana sy fanajana izany amin'ny rehetra. Ambarantsika fa i Jesoa Kirsty no maneho izany endrik'Andriamanitra izany. I Jesoa kristy zanak'Andriamanitra no manambara “ny fahalavorarian' ny voninahitr'Andriamanitra”⁽⁵⁾.

Izy no mitarika lalana mankany amin' ny Ray, ary faly isika raha maro ireo hanaraka ho amin'izany; izy no mampianatra ny fahamarinana izay manafaka antsika, ary tiatsika zaraina amin' ny hafa izany; zaraina amintsika ny fiainana mandresy fahafatesana, ary tiatsika omena ny hafa koa izany fiainana izany.

Ny fijoroana vavolombelona amin'ny maha kristianina dia tokony aseho amin'ny asa fanompoana sy fanetren-tena araka ny nataon'I Kristy mba ho hita sy fantatry ny hafa fa izany no vaovao mahafalin' ny Fanjakan'Andriamanitra.

Ny vokatry ny Fanahy no anambarantsika ny asan'ny Fanahy Masina.

Tsy afaka hametra ny asan'Andriamanitra isika, satria ny herin'ny Fanahy Masina dia tsy azo ferana.”fa ny voa no hamantarana ny hazo”⁽⁸⁾ ary izao no voa ateraky ny Fanahy Masina: fitiavana, hafaliana, fiadanana, faharetana, fahatsarana, fitandremana, Finoana, fahatsorana, fahonevantena”.⁽⁹⁾ Rehefa mahita sy mahatsapa ireo isika amin'ny fifaneraserana sy

fifandraisantsika amin' ireo hafa Finoana dia tokony ho faly isika hanolotena hiombona amin'izany asan' ny Fanahy Masina izany eo amin'ny Fiaraha-monina sy fiaiana'izy ireo.

2-Ireo lova sy zavatra iainantsika Anglikana Ankehitriny

Toe-javatra maro Miovaova no iainantsika amin'ny maha mpanara-dia ny Tompo ankehitriny,n'aiza n'aiza dia tojo fahasamihafana, eny zava-tsarotra isika eo amin'ny arapivavahana. Diso hevitra ireo nilaza zato taona lasa izay fa zavatra miserana ny fitiavan-bavaka satria ankehitriny dia Tsapa fa toa miverina ny atao hoe:"fitiavan-bavaka". Amin'izao taonjato faha 21 izao dia sady zava-tsoa no miteraka olana izany endri-javatra manindrahindra ny vavaka izany. Na io olana amin'ny ankapobeny na holana manokana. Maro ireo olona na fiaraha-monina mandray sy Miaina ary mampiasa feno eo amin'ny dingam-piainany ny fivavahana.

Ny fanjakana dia mijery sy manara-maso ny anjara-toeran' ny fivavahana eo anivon' ny fiaraha-monina sy ny fifandraisan'izany amin'ny zon'olombelona sy fahalalana arapivavahana. Mitombo eran-tany ny tsy fifandeferana sy herisetra ateraky ny fivavahana sy ny antokom-pinoana samihafa, eo ihany koa ny faiaraha-monina sasany izay tsy tia sy mankahala ny resaka vavaka mihitsy. Maro ireo mpikirakira vaovao no mahita ny fifandraisana misy amin'ny antokom-pivavahana maro sy ireo ady mahatsiravina sy saro-bahana maro miseho maneran-tany amin'ny andro misy antsika izao.

Nohon'ny asa fitoriana sy ny fifindra-monina dia efa saika miparitaka maneran-tany ireo fivavahana izay lazaina fa kely taloha; Ireo fanadihadihana samihafa ataon'ny mpanao gazety ara-pivavahana eo amin' ny haino aman-jery samihafa dia mety hotsara ka hiteraka sy hanamafy ny fifankazahoana na ratsy ihany koa ka hiteraka fahadisoana mitondra amin'ny tsy fahalalana sy tahotra.

Ireo fivoarana ara-tsosialy sy politika ireo dia misy fiantraikany eo amin'ireo toe-javatra iainantsika ny finoatsika. Amin'ny toerana sasany, dia isika Anglikana no mpanadray anjara mivantana mahatonga ny fiovana; any an-toeran-kafa kosa dia, nahatsapa isika fa niova ho azy teo anoloantsika na manodidina antsika. Ary amin'ny tany sasany mpikambana eo amin'ny fiombonam-be Anglikana dia nifandray mivantana amin'ny fivoarana ara-politika sy ara-toe-karena tany eoropa ny asa fitoriana vaovao mahafaly, ary mety mbola mamela zavatra mandrak'ankehitriny ny fahatsiarovana izany. ny toe-javatra sy, arakaraky ny tantara niainana sy ankehitriny, dia fanamby eo anoloantsika mandrakariva ny mamantatra ny sitrapon' ny fitiavan'Andriamanitra ho an'ny fombam-pivavahana sy olana samihafa.

Ho antsika Anglikana dia miavaka ny zavatra ho entintsika fandraisana anjara ao anatin'izany rehetra izany nohon' ny fahatsapan'ny fiangonantsika ny faha samihafana nateraky ny fanitsiam-pivavahana tamin' ny andron'ny reforma, ny fampianarana raketin'ny TRINITE no manampy sady fitaovana entintsika miatrika ny fahasamihafana ara-pivavahana misy ankehitriny.

Manaiky isika fa iray ihany no Andriamanitra, dia ny Mpamorona; ny fijery Anglikana dia izao, azo antoka fa amin' ny fomba maro samihafa no iasan'Andriamanitra eo anivon'izao tontolo izao, nefa tokana ihany ny antompiasian'izao rehetra izao, dia Andriamanitra, izany dia nampianatra antsika fa tsy natao hisaratsaraka isika fa natao hiara-hiaina araka ny maha tsy mitovy antsika hekentsika fa niseho tao amin'ny fiainana araka ny maha-olombelona ny zanaka Andriamanitra, ny Anglikana noho izany dia mijery ny tanatara niainany rehefa mamaha olana.

Maro samihafa tsy voafetra ny toe-javatra natrehin'I Jesoa fahavelony, tahaka ny herin'ny fitsanganany ihany koa, ka dia miezaka ny Fiangonana Anglikana rehefa mandray fanapahan-kevitra, mba hitandrina manokana eo amin' ny fomba fiasany; hafahafa amin'ny fijery zavatra na hevitra amin'ny ankapobeny fotsiny ka manao tsinotsinona ny vanim-potoana sy ny amabaran'ny tantara. Fa ny azy kosa dia manao fijery nampifandray ny Finoana katolika aminy sy araky ny toe-javatra miseho na ara-politika, na sosialy ataony indrindra izay amin' ny fifandraisany amin'ireo fivavahana hafa.

Tsapan'ny asan'ny Fanahy Masina dia mionona fotsiny aminy "fiainana anaty" fa mitarika ihany koa amin'ny fandraisana anjara fampandrosoana ny ara-tsosialy ka ny Fiangonana Anglikana dia mitady mandrakariva ny hanjakan'ny fijery Misokatra hisian'ny fahalalahana sy filaminana eo amin'ny fiaraha-monin'ny zanak'olombelona. Tsy manaiky ny fijery na fisainana iray na avy anaty io na ivelany, ny Anglikana dia natao sy vonona hanompo ny fiaraha-monina iray manontolo mihitsy, hitondra fijery sy hevitra samy hafa izay entina hanamboarana soa iombonana ho an'ny be sy ny maro. Izany fahatsapana ny Fanahy Masina ho loharano ipoiran'ny soa rehetra izany dia azo tanterahina koa eo amin'ny resaka mahakasika ny tsy fitoviana ara-pivavahana.

3-Hanangana Fijery Anglikana:

Ny famakiana ny Soratra Masina

Raha ny fomba fandinika ara-teolojika anglikana no jerena dia, mitana ny loha-laharana ny Soratra Masina, araka ny maha Fiangonana mivelona amin'ny fankatoavana an'I Jesoa Kristy, ilay tenin'Andriamanitra velona voalaza araka ny tenin'ny Soratra Masina. Mba ahafahana mamantatra ny tian'ny Soratra Masina ambara ankehitriny, dia raisin'ny Anglikana ho fomba fandinika ny mampiasa ny lovantsofina ny saina ary ny fanazavany ny lazain'ny Soratra Masina araka ny traik'efa niainana.

Ny fandraisatsika andraikitra amin'ny fifandraisana eo amin'ny tontolo misy antokom-bavaka samihafa dia mitondra atsika hanana fomba vaovao enti-mamaky ny Soratra Masina. Hita sy tsapatsika avy amin'izany fa ny vahoakan'Andriamanitra dia efa.ka nahafantatra ireo fanamby maro ateraky ny fiainana eo anivon'ny tontolo misy antokom-pivavahana tsy mitovy, ary hita taratra ao amin'ireo soratra fototra nakana ny Soratra Masina izany.

Ny vahoaka Israely dia nanompo an'Andriamanitra t'eo anivon'ireo vahoaka sy firenena maro tany Palestina izay nanompo Andriamanitra hafa; ireo Apostoly voalohany dia nitory ny anaran'I Jesoa teo anivon'ny fivavahana isan-karazany sy ny fahalalana filozofika teo amin'ny fanjakana Romana. Amin'ny maha vahoakan'Andriamanitra antsika dia afaka isika nijery ireo lazain'ny Baiboly, indrindra fa isika izay manolo-tena hanara-dia ny Tompo, maro ireo fanontaniana efa nipetraka taloha no miverina nipetraka indray ankehitriny. Maro amintsika eo anivo'ny fiombonam-be Anglikana no mahatsapa fa ny Baiboly dia miteny aminy mivantana sy mazava manoloana ny toe-javatra atrehiny eo amin'ny fifandraisany amin'ny fivavahana hafa. Maro ny andalan-tsoratra Masina ao amin'ny Testamenta vaovao no maneho ny hafanam-po sy fahazotoana nataon'ireo Kristianina voalohany avy tamin'ny fahaizany ny sitrapon'Andriamanitra ho an'ny vahoakany, dia ny Israely, Jiosy na hafa firenena dia samy nino fa Andriamanitra efa feno ny tenany ao amin'ny Jesoa Kristy avy any Nazareta sy ny asany ; ny Jiosy dia tena resy lahatra, ka izany no nahtonga azy ireo handinika ny hevitra ara-teolojikan'ny lalana sy ny fivavahana avy ny vahoaka jiosy. Avy amin'ny harena naterak'izany ezaka izany no ananantsika tsoa-kevitra maro ny amin'ny fifandraisan'ny Kristiana sy ny jiosy eo amin ny tanataran'ny Tompo.

“Mba ahazoan'ny kristianina ny maha izy azy dia ilaina ny fahalalana ny fifandraisana eo amin'ny kristianina sy fivavahana jiosy”⁽¹³⁾; izany raha miteny amintsika toy izany ankehitriny ny fivavahana jiosy dia tokony ho tsapantsika ny maha-zava-dehibe azy ny aina homeny tao anatin'izany arivo taona roa nifanesy izay. Tokony hovana ilay ”fomba fijery ny Jodaisma ho toy ny fivavahana mirakitra ny hela fotsiny, ka efa voasolon'ny fivavahana Kristiana”⁽¹⁴⁾.

Ny Baiboly no milaza zava-baovao amintsika rehefa jereana miaraka na ampitahaina amin'ny soratra ara-pivavahana hafa, araka ny fomba atao hoe “Raisonnement scripturaire”⁽¹⁵⁾ ohatra; araka ny Soratra Masina dia mino isika fa manana fifandraisana amin'Andriamanitra

Isika, rehefa mijery ny coran anefa isika dia manambara izany fa ireo salamo dia mba manana fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra koa. Izany toe-javatra tahaka izany dia mety hiteraka fanetren-tena na zavatra vaovao hafa ohatra. Rehefa fantatsika tsara ny didin'Andriamanitra hoe “aza mandainga hanameloka ny namanao”⁽¹⁶⁾ Ka misy akaiky ihany koa ny voalaza ao amin'ny soratra ara-pivavahan'ny hindo isika, dia tena ahatsapa fa saingy very izay nohon'ny kapobe ataontsika ho an'ny fivavahana hafa hoe: fanompoan-tsangy, na dia tsy haintsika akory ny antsipirihan'izany fivavahana izany. Tiantsika Anglikana loatra ilay hoe : “mamaky, mandray, mianatra, mandinika sy miheritreritra”⁽¹⁷⁾ rehefa mamaky ny Soratra Masina isika, ahatsapa anefa isika fa mbola ny ezaka tokony atao raha mijery ny zava-bitan'ireo bodista rehefa manao fivavahana mangina sy “meditation” izy ireo. Noho izany ny fampitahana ny Baibolintsika amin'ireo Soratra ara-pivavahana hafa dia mamporisika antsika sady ihany koa maneho fanamby fiatrehana zava-baovao miaraka amin'ireo fivavahan hafa.

4-Manangana Fijery Anglikana: Fampiasan ny tarazo sy ny Saina

Ny Anglikana dia resilahatra fa Soratra Masina dia tokony ho jerena amin'alalan' ny Tarazo sy ny fampiasana ny Saina, izany hoe mandray amin'izay zavatra efa niainan'ny Fiangonana nandritra ny fivoarany, ary mijery ihany koa amin'ny fikarohan'ny saina ny zavatra iainan'ny Tompo ankehitriny ⁽¹⁸⁾. Ny tarazo sy ny saina dia zavatra anankiroa miainga avy amin'ny fahatsapana sy fijerena ny fiainan'ny Kristiana eo anivon'ny sehatra roa misy azy dia ny Fiangonana sy ny Fiaraha-monina, ary tsy azo sarahana voa ireo.

Ny tarazom-pinoana tena anglikana izay miainga avy amin'ny famakafakana ara-teolojika, dia nivoatra sy niroborobo ary nandroso tamin' alalan'ireo ezaka firaisam-pinoana maro, ary manovo avy amin' ireo zava-misy any amin'ny Fiangonana Kristiana hafa, indrindra moa fa taorian' ilay fivorian'ny Fiangonana eran-tany tany amin'ny taona 1910. Ny fanambarana Nostra detate (1965) amin'ny konsily vatikana faharoa sy ny asa vitan'ny filankevitry ny Fiangonana maneran-tany dia nisy fiantraikany lehibe teo amin'ny lesona notsoahina mandritra ny fivoriamben'ny Eveka Anglikana maneran-tany any Lambeth. Ny fivoriambe tamin'ny 1988 dia nanao fanentanana teo anivon'ny Firaisambe Anglikana ilay petra-kevitra ara-teolojika hoe: JIOSY, Kristiana, silamo: lalana ho amin'ny fifanaotonana sy fifampiresahana ⁽¹⁹⁾

Ny fivoriambe tamin'ny 1998 kosa nifantoka manokana tamin'ny fifandraisana amin'ny silamo, ka nanome fahefana feno ny tambajotra Anglikana ho amin'ny fifanatonana eo amin'ny Finoana samy hafa (NIFCON) mba hijery akaiky ireo ezaka fifanatonana misy eo amin'ny Kristiana sy ny silamo, ka hanao tatitra feno sy ara-potoana momba izany”.

Ireo olo-malaza Anglikana maro dia nandika sy nianatra

Soratra Masina Hebreo niainga avy tamin' ny fikarohan'ireo mpitan-pivavahana jiosy. Avy eo dia nivoatra hatrany izany arakaraky ny fivoaran'ny fandalinana natao ka nisandrahaka hatrany amin'ireo Soratra ara-pivavahana hafa, lohalaharana sady liana hatrany isika Anglikana eo amin'io sehatra fandalinana ny momba ny fivavahana hafa io, ary tsy misalasala miara-miasa amin'ireo mpitondra fivavahana hafa. Ny fikarohan-tsaina ataon' ny Anglikana dia mahasahana sehatra maro, filozofia, sosiolojia, psikolojia, mba ahafahana manome foto-kevitra ara-teolojika mahasahana ny tsy fitoviana ara-pivavahana. Ny sokajy rehetra eo amin'ny Anglikana na io mirona amin'ny maha katolika na evanjelika, na ireo malala-tsaina dia samy misy teolojiana sy Misionera, lahy sy vavy mandray anjara mavitrika, niaraka tamin'ireo tany amin'ny toerana samy hafa, mba hisian'ny teolojia mifanaraka amin'ny zava-misy sy ny fifanatonana iraisam-pivavahana.

Ny tarazo sy saina dia miasa indrindra miainga amin'ny zavatra hita sy iainan'ny mpanaradia ny Tompo, manolohana ny tranga maro mety hiseho. Ary izany no mahatonga ny Anglikana hanana fomba fijery maro samihafa raha ny resaka fifandraisana amin'ny fivavahana hafa no resahina. Ao anatin'ireny tranga maro ireny anefa, dia foana ny fiainany atao hoe vavaka sy fanompoam-pivavahana, izay hitondra lamina sy fahatsorana ho an'ny fiaraha-monina manontolo, ivon'izany ny asa pastoraly, ny tena zava-dehibe azo amin'ireo dia ny

fametrahantsika, araka an'ny Kristy ho an'ireo mpino fivavahana hafa. Amin'ny alalan'ireo karazana tranga samihafa mihoatra amin'ny Fiangonana anglikana no iainany mivantana ny maha-mpanara-dia ny Tompo azy indraindray dia maro na vitsy an'isa ny Fiangonana Anglikana, miorina amin'ny toerana mikorontana na anjakan'ny fandriampahalemana, tontolo afaka mifanerasera sy mifandray na mifankahala sy mifandrafy, izany rehetra izany dia sady manentana no indraindray koa miteraka fanamby izay samy tsy maintsy ho raisina miaraka.

Ao anatin'izao taona arivo diavintsika izao ny NIFCON dia efa nahavita niantso sy nandray anjara tamin'ny fifanakalozan-kevitra maro samihafa tany amin'ny toerana maro ary niteraka vokatra maro ihany koa izany. Ohatra tany Bangalore (India) tamin'ny taona 2003, izay nifanaovan'ny samy avy any Azia atsimo atsinanana momba ny “asa fitoriana sy fifanakalozan-kevitra” izay nanendry ny maha zava-dehibe ny fifanakalozan-kevitra iraisam-pivavahana mba isian'ny fifampitokisana sy fifanajana, ao anatin'ny Fiarovana ireo vitsy an'isa ka hiaran'ny herisetra ara-pivavahana⁽²⁰⁾. Tany Oslo (Norvezy) mbola ny taona 2003 ihany, teo anivon'ny Anglikana sy Loterana any avaratry Eoropa, izay nampibaribary ny tokony hitazona ny maha izy azy Fiangonana tsirairay, saingy mifanampy kosa amin'ny asa fiahiana ny vahoaka, izany hoe asa Pastoralataon'ny andininy sy ny ankilany⁽²¹⁾ tany Kaduna Nizeria ny taona 2007, nifanaovan'ny silamo sy Kristiana araka ny zava-misy any Afrika andrefana, nijery akaiky ity ny amin'ny hoe “Ny Finoana sy ny maha olom-pirenena” Fanamby eto ny hijoro vavolombelona hanambara ny vaovao mahafaly amin'ny fomba mahomby sy mandresy lahatra saingy ny mpiray firenena izay mandala fivavahana hafa dia raisina ho namana sy mpiara-miasa ho amin'ny soa iombonana.

Avy amin'ireo fifanakalozana isan-karazany ireo sy ny fanadihadiana maro izay natao teo anivon'ny Firaisam-be Anglikana, dia hita sy tsapa fa afaka mihavao ny fiangonantsika rehefa resy lahatra isika eo amin'ny asa sy fiainam-piangonantsika hiroso ka handray ho isan'ireo ny maha mpanompon'ny Kristy antsika ny fanatonana sy fifaneraserana amin'ireo vondrom-pivavahana hafa.

Mety ho hitantsika amin'ny endrika velona telo manaraka ireto izany firosoantsika amin'ny fiainanana vaovao izany:

Voalohany, amin'ny fisiansika any amin'ireny toerana hanjakan'ny fivavahana hafa ireny.

Faharoa, afaka miara-miasa amin'ny vondrona hafa isika ka manolo toerana amin'ny fanaovana ny fiaraha-monina, afaka matrika ny toe-javatra rehetra isika nohon'ny herin'ny Fanahy Masina.

Fahatelo, amin'ny fanolorantenantsika hanaiky ho solontena sy iraka ary afaka mandray sy mampiantrano ny hafa koa, manolotra sy mandray fitahiana avy amin'ny Ray isika amin'izany.

5-Mankalaza ny Fanatrehan' i Kristy

Manatanteraka ny voady fijoroana vavolombelona isika rehefa vonona ny hiara-monina amin'ny hafa amin'ny maha Kristiana antsika, any amin'ny toerana misy ny tsirairay any. Natao hijoro any amin'ny toerana maro isan-karazany eto amin'izao tontolo izao ny Fiangonana Anglikana, izany midika fa masina ireny toerana ireny, voamasina miaraka amin'izany koa ny vanim-potoana sy fiainana maro, izay vavaka sy fijoroana vavolombelona ataon'ny Fiangonana no anton'izany fahamasinana izany. Lasa famantarana isika fa Andriamanitra koa dia miara-miaina eto amin'ny tontolo misy antsika ity, ary miantso ny hafa handray anjara amin'izany fiainana izany isika. Sarotra ny manatanteraka izany any amin'ny toerana sasny fa mety hiatra aman'aina iany fijoroana vavolombelona eo anivon'ny Fiangonana izany. Any an-tany sasany kosa dia hita fa mahafaly ireo hafa fivavahana ny fisiansika? Ka hajainy ny fiangonantsika sy vavaka ary ireo mpitondra Fiangonana, ary raisiny tsara ny fikarakarana Pastoral y ataotsika na dia hafa tanteraka aza ny finoany. Na manaiky na mandà atsika ny hafa, dia tsy maintsy manaitra antsika foana izany ka mamoha zavatra, harena, miafina ao anatin'ny tsirairay ny amin'ny tokony hatany amin'ny hafa, Azo atao tsara ny miaina ny maha- Kristiana amin'ny andavanandro, tsy tsy zavatra manery fa lasa fiainana tsotra izao fotsiny; Mihavao foana isika rehefa mahita sy mahatsapa fa mamelombelona atsika sy ny hafa koa izany.

Araka izany ny fanatonantsika ireo hafa fivavahana dia tsy inona fa lalana mitondra antsika ahafantatra hoe : iza marina moa isika “Any amin'izany fiafaran'izany lalana izany dia ny fahatongavantsika eo amin'ny toerana niaingatsika,nefa zava-baovao no hita eo”⁽²³⁾

Amin'ity fifandraisan'ny fivavahana samy hafa ity dia tsy mifanaja tsy akory, satria ny sehatra sy ny fotoana rehetra dia mety ho loharanon'ny korontana na ady satria samy haneho ny azy ny fivavahana tsirairay; mila manolo-tena hiasa sy hivavaka mbahisian'ny fandriampahalemana mandrakariva isika eo amin'ny toerana na Tanana misy antsika.

20 fototra maha olona ny fahalalahana ara-pivavahana,ka tokony hiady hampanjaka izany isika, satria raha fifandraisana tsisy fifampizarana dia tsy ahomby na oviana na oviana. Na dia voaenjika aza ny Fiangonana sy ny Kristiana matetika, dia manaiky isika fa naatoa tsy hanolotra afa-tsy fitiavana sy vavaka.Ny hery ho an'ny Fiangonana voaenjika dia ny fahatsiarovana mandrakariva fa malemy eo am-pototry ny lakroa isika.

Ny fiainantsika ny fifandraisana amin'ny hafa dia mifototra amin'ny fampianaran'i Jesoa “Tiavo ny fahavalonao ary mivavaha ho an'izay nanenjika anareo”⁽²⁵⁾

Adidintsika koa ny miombona sy mampahery ireo kristiana izay miaina ny finoany anaty tranga sarotra nohon'ny maha vatana iray antsika ao amin' ny kristy.

Ny tsy fiovaovana amin'izany andraikitra manamasina ny fiaraha-monina izay dia atao amin'ny vavaka sy fijoroana vavolombelona lalandava, ka tsapantsika ary zaraintsika ny zava-tsoa sarobidy ananantsika amin'izany. Mamelona antsika ny fanatrehan'i kristy, ary izany no zava-dehibe fonosin'ny Inkarnasiona, izay zavatra manana ny maha izy azy amintsika rehetra: Ny fanatrehan'Andriamanitra dia amin'ny vatana, amin'ny fiainana andalovana, ary amin'ny fahafatesana sy ny fitsanganana ami'ny maty. Ny Lakroa sy ny

fitsanganan'i Jesoa no ahazoantsika famelana, fanasitranana ary fiainam-baovao, ka manova antsika sy ny Fiangonana misy antsika mba hanolotra ireo fitahiana ho an'ny hafa satria fiainanany mpanompo mahay sy tia mizara Fahasoavana isika. Tsindriana manokana izany satria manankarena ilay tompontsika nefa tonga nahantra⁽²⁶⁾, nofoanany ny maha izy azy ka tonga mpanompo izy⁽²⁷⁾, manahika antsika aminy sakramenta sy ireo ministera izy nefa tsy izany ihany ao amin'ireo mahantra sy mijaly ihany koa. Tahaka izany koa hanompo, hisolo vava, hampitraka azy no andrasana amintsika tsy anavahana fivavahana izany, tao amin'i kristy, Andriamanitra dia tonga olombelona miaina teo anivon'ny zanak'olombelona, ary nampihavana ny olona rehetra, tsisy fanavakavahana, na iza na iza.

6-Mampita ny herin'ny Fanahy Masina

Satria miaina ao anaty tontolo Miovaova sy misy trangan-javatra samihafa nateraky ny ady ara-pivavahana ny fionganana, dia antsoina izy hiditra an-tsehatra hampiasa ireo zavatra eo am-pelatanan'ny fiaraha-monina mba hanova azy, tsy izany fotsiny fa atao ao anaty fiainana ny fanavaozan'ny Fanahy Masina indrindra izany. Indraindray dia afaka mandray an-tànana ny zava-misy ny fiaraha-monina, fa indraindray kosa dia mila ny firotsahan'ny Fiangonana izy, na indraindray sehatra mivelatra kokoa ka mety ahatsapana ny fandraisan'anjara avy amin'ny sokajim-pivavahana maro.

Afaka miroso amin'izany ny zava-baovao eo amin'ny fiainany izany ny Fiangonana, rehefa mahatsapa izy fa afa-misokatra sy afaka miasa miaraka amin'ny hafa ho tombontsoan'ny be sy ny maro hisian'ny fandriam-pahalemana, ny rariny sy hitsiny amin'izao zava-boahary rehetra izao. Hoy ny hevitr'I John Wesley⁽²⁹⁾”Afaka ny ho iray isika ao amin'ny fitiavana, na farafaharatsiny amin'ny saina,ary mety ho iray fo isika na tsy mitovy foto-kevitra ijoroana aza” dia tena mahakasika ireo olona sasany amintsika efa tena mirotsaka, ka manana tetik'asa mivaingana iarahana amin'ireo tsy mitovy fivavahana amin'ny tena.

Amin'izao vanim-potoana mampanandroso be ny varotra sy ny resaka ara-nofò rano fotsiny izao, amin'ny maha Kristiana, dia tokony ho vonona hatrany isika hiaraka amin'ny hafa, hanambara ny maha zava-dehibe koa ny lafiny ara-panahy amin'ny famohazana indray ilay hery ao anatitsika tia manompo ny hafa. Tanteraka any amin'ny toerana sy sehatra afaka miara-miasa tahak'izany ny asan'ny Fanahy mpanome Aina, eo ambany fanapahany isika amin'ny maha vahoakan'i Kristy antsika. Mahagaga ary tsy azo ferana ny asan'io Fanahy io; rehefa teraka sy entin'ny Fanahy Masina isika, dia fantatsika fa tahaka ny rivotra izy”ka mitsoka amin'izay alehany”.⁽³⁰⁾ izany fahagagana ateraky ny Fanahy Masina tsy manam-petra izany dia tanteraka eo amin'ny asa fitoriana ataontsika, ka hanafaka sy hitondra atsika amin'ny fomba vaovao hanehoana fanoloran-tena miaraka amin'ny olona hafa fivavahana noho'ny fikatsahana tombontsoa ho an'ny be sy ny maro. Tsy afa-mamorona tsy akory ny hery rehetra, ary ny Fanahy Mahery rehetra tsy hitovy amin'ny Fanahy Masin'Andriamanitra. Maro ny fivavahana no misy sy mifono zavatra maizina, manenjika, mahery setra ary mampisara-bazana. Misy mandrakariva ao minny fivavahana isan-tsokajiny fanarabiana sy fanamavoana ny “hafa”; fanahindrahindrana ny tsy fitoviana ho lasa fisarahana, tsy filazana

ny marina, fanaovana tsinotsinona ireo malemy. Misy ny fanararaotana ny fivavahana ho lasa fitaovana hampivoatra ny olona iray, hisian'ny fanavakavahana, hanamarinana ny fahamboniam-piainan'ny hafa ary hametsifetsena ny sasany kosa. Ny toe-javatra tahaka izany, izay fahadisoana lehibe, dia hita ankehitriny fa mampivoatra haingana ady ho amin'ny fanesorana ny resaka fivavahana eo amin'ny fiaraha-monina.

Ireo zava-dratsy ireo dia misarika ny saintsika Anglikana handinika sy hamakafaka tsara rehefa Mifandray amin'ny hafa isika, mila fantatra tsara aloha ny antony ifandraisana, ary eo ny herin'ny Fanahy Masina.

Ny fampihavanana no fomba ahitantsika miharihary ny herin'io Fanahy Masina io, irahana hampihavana isika eto amin'izao tontolo izao, indrindra ankehitriny mba hampitony ireo ady sy fifanolanana maro, hisian'ny Fandriam-pahalemana hilaza ny marina ary hanangana sy hanamboatra ireo fiaraha-monina izay anjaka'ny fifankahalana sy fifandrafiana ateraky ny fivavahana. Mba ahatanteraka izany dia ilaina ny fiahintsika sy fanomezan-danja ny vehivavy, ny ankizy ary ireo voahilikilika sy voatsinotsinona.

Ny Fanahin'Andriamanitra mitondra antsika ho amin' ny marina rehetra sady manafaka antsika, dia izy ilay Fanahy manpahery antsika, izy no ahafahan-tsika mijoro ho vavolombelona ho an'i Jesoa Kristy, ny fantsika notadiaviny ary nanosika antsika hizara izany Finoana manome aina izany amin'ny hafa nohon'ny anarany isika. Ny fitoriana ny vaovao mahafaly dia miaraka mandrakariva ihany koa amin'ny fiaraha-miasa mivantana amin' ny asa, fampihavanana, ary fifampiresahana sy fifanatonana eo amin'ny samy antokompivavahana. Satria samy fomba mahomby hampitana ny andraisana anjara amin'ny asan'ny Fanahin'Andriamanitra amin'izao vaninandro ankehitriny izao.

Ny tanjona voalohany amin'izany rehetra izany dia ny fitaomana ny olona ho an'I Kristy, ary ravoravo isika rehefa vitan'ny Fanahy Masina manova ny fon'ny hafa hino an'i Jesoa. Tokony ho tsaroana mandrakariva anefa fa tsy antsika izany fa asan'ny Fanahy Masina. Tsy azo atao ny manery na manodikondina ny sain'ny olona mba hinoany.

7-Fampiharana ny maha iraka solon-tena sy ny hoe fampiantranoana avy amin'Andriamanitra

Andriamanitra dia mizara fiainana ho an'izao tontolo izao, nefa tsy mihena tsy akory ny heriny ao amin'ny trinité, dia tahaka izany koa no iraka ampanaoviny antsika, fa sady mandeha isika no mijanona mitoetra. Ireo zavatra roa ireo dia ny fahafahantsika “handeha” ho iraka ary mijanona mba ahafahana mampian-trano, mifanampy tsy azo sarahina ireo, ka fanatanterahana ireo no iraka atao amintsika ⁽³¹⁾. Ao amin'ny Filazantsara, Jesoa dia mampianatra ireo mpianany mba ho irany, hoy izy”Amin'ny trano izay idiranareo dia teneno hoe: Fiadanana ho an'ity trano ity”⁽³²⁾. Amin'ny maha mpianatra antsika' dia mila fantatsika fa na hiantrano sy hivahiny isika, ary amin'izany fivahinihanana ataontsika izany hoe irak'isika dia ny milaza fiadanana, milaza teny soa momba ny fanjakan'ny lanitra,

fanasitranana ny marary. Raha irak'i Kristy isika mila tsaroantsika foana fa amin'ny fanatanterahana ny iraka dia mila mifanerasera, manaiky fa tsy mahavita tena isika fa mila ny hafa sy Andriamanitra mandrakariva: “Tsy ny tenantsika, fa i Jesoa kristy no ambara, fa isika dia mpanompon'ny hafa noho i Kristy “. ⁽³³⁾ Ny iraka ampanaovina antsika dia fampihavanana ⁽³⁴⁾, Ka na ny mandray na ny mampiantrano dia tonga tena famantarana tokoa sahala amin'ny hoe, olona mpivahiny an-tany lavitra ka mifanatona dia lasa tena mpinamana tokoa.

Raha ny Baiboly no jerena dia feno ireo fomba enti-milaza ny hevi-dehibe ara-teolojika fonosin'ny vahiny sy ny mpampiantrano. Satria vahoakan'Andriamanitra isika, mendrika tokoa raha ny tsara indrindra ao amintsika no atolotsika ary mandany fotoana sy fanàna isika ho fanomezana fahafaham-po ny vahiny ao amintsika, eny na dia tampoka aza ny fahatongavany, tahaka izany koa eo amin'ny Finoana sy ny maha Kristiana antsika.

Raha tena fampiantranoana marina no ataontsika dia tsy mihafahafa na mihatsaravelatsihy isika, fa misehoo ny fomba fahaizantsika mandray vahiny. Ho setrin'izany kosa dia mahazo fiftiavana sy mitombo fifankazahoana amin'ny hafa kosa isika, tsisy valaka amin'izany ny eny mihoatra lavitra noho izany ny fahafahan'ny Andriamanitra mandray ny olona. Tsarovy fa io resaka fahaizana mandray ny hafa io mampita amintsikany zava-dalina raketin'ny filazantsara, izay mazana mora adino, dia ny tokony ahatsiarovantsika lalandava, fa ny fifandraisantsika amin' ny hafa no toa mamerina indray fanindroany na miverimberina ny fandraisantsika indray ny vaoavao mahafaly. Tsarovy fa indraindray dia mihafahafa ny vahinintsika, tsarovy fa izay fihafahafahana izanydia tsy sakana amain'ny tsy fifankazahoana feno eo amin'ny vahiny sy tompontrano, fa mipetraka foana ny hoe vahiny sy ny tompontrano. Mila fotoana sy ezaka atao raha tiana ahateza sy feno fifampatokisana eo amin'ny vahiny sy tompon-trano, miahamateza ny fifankazahoana rehefa mitombo ny fifampatokisana, ary miharava eo kosa ny fihafahafahana. Mamianatra atsika izany fa eo amin'ny fiarahamonina dia tsisy afaka hitompo teny fantatra fa mahafehy io fandraisana ny hafa io, Andriamanitra no tompon'io. Tsisy toerana, na vanim-potoana, na toe-javatra iray natokana ho an'ny olona na sokajin'olona iray,fa ireny rehetra ireny dia omen'Andriamanitra ho an'ny rehetra ka hiafampizarana, satria samy araka ny endriny no nanaovany ny olona rehetra.Ny tarazom-panahy anglikana dia mitana fa ny ivon'ny fiainam-piangonana Kristiana iray dia ny fahatsapana fa mpandalo sy vahiny izy eto an-tany, ka izany no maha-zava-dehibe ny fiarahamisakafa indrindra amin'ny famakiana ny mofo izany izay iarahan'ny rehetra mandray. Ireo mpianatra ho an'ny Emaosy dia tsy mahalala ny tompo talohan'ny namakiana ny mofo, fa fafandraisan'ny vahiny sy tompon-trano no nataony ⁽³⁶⁾. Ny kominiona Masina izay dia maneho amintsika fa efa vahiny sy asain'Andriamanitra ao aminy koa isika, ary ny faratampon'izany dia ny fahatanterahan'ny ho an'ny olona rehetra satria homeny hery isika ary amin'ily mofo, mba ahafahan-tsika mamonjy ilay toerana efa nomaniny ho antsika sy ny olona tsy an-kanavaka, ka dia tokony hifampizara ny fiainantsika koa isika amin'ireo antokom-pivavahana samihafa, ny olona rehetra eto amin'ity tany ity. Samy miandry isika olombelona rehetra ka hiaraka hiaona amin'ily Tompom-panasana lehibe dia ny Ray any andanitra, izay miantso ny zanany rehetra hiombom-pifaliana aminy, arak'izay efa nomaniny.

8-Sady mandeha no mijanona

Ny teny mahatsara ny fifandraisana eo amin'ny zanak'olombelona dia, ny fahavelomana sy fiovana aterak'izany fifandraisana velona izay misy hatra zava-baovao eo amin'ny fiainana. Ao ireo mety lavitra na tsy nifankahazo tamintsika, fa rehefa misy ny fifandraisana dia mifankahazo am-po ny rehetra ary Mifandray akaiky monina ery na ao an-tranon'Andriamanitra aza. Mitarika antsika ahafantatra ny hafa ny fifampiresahana eny fa na dia antokom-pivavahana hafa aza, satria samy olombelona ary samy mpivahiny sy eny andalana ihany koa, ka mitady ny tena lalana ho any amin'ny tena loharaonom-piainana. Rehefa mifandray amin'ny hafa isika dia sady mandray zavatra isika no manome, ary endriky ny fanatrehan'Andriamanitra izany, ary miseho amin'ny endrika vaoavao lalandava. Amin'izao androntsika izao dia vavolombelona isika, fa maro ireo ezaka vaoavao vitan'ireo manam-pahaizana sy mpitarika fivavahana samihafa, mba te ahalala ny momba ny teoljia sy ny Finoana an'Andriamanitra. Azo tsongaina amin'izany ny fanambarana atao hoe Dabru Emet sy ilay antsoina hoe: "Ialy teny iraisana", izay novokirin'ny vondrona iraisam-pirenena iraisan'ireo manam-pahaizana Jiosy ilay voalohany ary silamo ilay faharoa⁽³⁷⁾. Ny zavatra tena ilaintsika izao dia ny fanavaozana ny fifandraisantsika amin'ireo fivavahana hafa mba hiorina ao anatin'ny fahatakarantsika ny foto-kevitra teoljika fonosin'ny TRINITE ny fifandraisantsika.

Ao amin'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina no tena ahitana ny haren'ny fifandraisana tsara, sady tsy manam-petra⁽³⁸⁾.

Izany dia hita amin'ny maha iraka sy mpaniraka dia Ray ho an'ny zanaka sy ny Fanahy Masina, nefa dia tonga teto amintsika ary afaka mioara-monina araka ny toe-tsika, mba hitondra atsika hiakatra sy ahatakatra ary ahazo ny Aina avy amin'Andriamanitra. Rehefa Mifandray amin'ny antokom-pivavahana hafa isika, dia asaina haneho, eny na tsy tonga lafatra aza, izany maha iraka antsika koa. Hitantsika amin'izany fa mitondra antsika ao amin'ny tena maha Andriamanitra mihitsy ny fanamafisana ny fanoloran-tenan-tsika hifandray eo amin'ny samy antokom-pivavahana.

Ilaiana mandrakariva ny fijoroantsika eo anivon'ireo antokom-pivavahana samihafa, mba hanambara fa i Jesoa Kristy no lalana sy fahamarinana ary fiainana, ho antsika sy ho an'ny hafa koa. Hanokana ny herintsika ho an'ny Fifandraisana, fifaneraserana ary ny fampihavanana ny antokom-pinoana samihafa isika, ka ny herin'ny Fanahy Masina no entintsika amin'izany amin'ny maha iraka sy fampiantranoana avy amin'ny Ray dia hamboly fifampitokisana isika. Ny fiainantsika ny maha Andriamanitra antsika ankehitriny eo anivon'ireo fivavahana samihafa, dia tsy mahafeno loatra ireo zavatra voalaza eo ireo, ary na any aoriana aza dia mety mbola tsy ho feno izany, ny teoljia amin'ny resaka fifanatonana iraisam-pivavahana dia misy foana ny zavatra maha-kivy, ny fohy ezaka, ary indrindra ny mifanohitra sy mampiady hevitra. Tsy tokony ho resin'ny tsy fahombiazana, na fanoherana isika, fa hatoky ny asan'ny Fanahy Masina, ka na toy inona ny ratra dia hain'i Kristy sitranina izany. Na dia mpanota, malemy, menamenatra, matahotra, aza isika dia antsoin'Andriamanitra ihany mba hijoro vavolombelony sy hanambara azy eo anivon'izao tontolo izao, ka isika no iaraka alefany. Amin'ny alalan'ny vavaka sy fiderana ilay

Andriamanitra TRINITE no hamolavolana antsika ho amin'ny fiainam-baovao eo amin'ny fifaneraserana amin'ny samy antokom-pivavahana.

Ny fahasovan' i Jesoa Kristy tompo sy ny fitiavan'Andriamanitra, ary ny fampiraisana avy any amin'ny Fanahy Masina, ho amintika rehetra anie mandrakizay.

Nota

1.Asa 17:27-28.S.Paul continue en citant les paroles du poètes : Aratus : « Car nous aussi sommes sa progéniture ».

2.Sal.104 :24

3.1Tim2 :4

4. Matt .5 :48

5.Héb.1 :3

6.Jaona 14 :6

7.2Kor.4:5

8.Matt.12:33

9.Gal.5 :22...

10.Ceci peut être considéré comme un parallèle au développement du droit commun angalis, avec son appel aux précédents en même temps que son ouverture à de nouvelles applications en procès nouveaux.

11. La pentecôte, la fête chrétienne de l'Esprit, correspond au festival juif de shavuot, associé avec le don de la Torah, qui s'occupe également de la vie sociale aussi bien que de la réponse intérieure à Dieu.

12. Pour nos ancêtres anglicans, cherchent à porter sur la carte une via media pour leur Eglise au monde chrétien divisé des 16^e et 17^e siècles, les pressions vers la doctrine libertaire et vers l'autoritarisme étaient identifiées respectivement avec le non-

conformisme protestant et le catholicisme romain.

13. “Jews, christians and Muslims : The Way of Dialogue”(recommandé à l'étude par la Conférence de Lambeth 1988), #13.

14.Ibid.N°16

15. le raisonnement scripturaire (Scriptural Reasoning) est « une pratique de lecture en groupe des écritures du judaïsme, du christianisme et de l'islam qui cherche à construire la socialité parmi ses praticiens et à libérer des sources de sagesse et de compassion pour la guérison de nos communautés et pour la réparation du monde. ». (Stephen Kepnes : « A Handbook for Scriptural Reasoning' p.23 en David F.Ford and C.C. Pecknold (rédacteurs) «The promise of Scriptural Reasoning » (Oxford, Blackwell 2006) ; voir aussi

<http://etext.virginia.edu:/journals/jsforum/>
La pratique a ses origines dans le dialogue entre érudits juifs et chrétiens.

16. Eksodosy.20 :16,Deot.5 :20

17.Kolekta Adventa faharoa, boky Fivavahana

18.Virginia Report(Rapport de la Commission inter-anglicane pour la théologie et la doctrine, 1997) ## 3.8-3.11

19.Publié comme Prayer appendix 6 de the Truth Shall Make You Free : The Lambeth

Conférence 1988-The Reports, resolution and Pastoral Letters from Bishops (ACC 1988). En preparation pour Lambeth 1988, le conseil Consultatif Anglican à republié, pour l'étude et la réflexion par tous les diocèses de la Communion le rapport de l'Eglise d'Angleterre de 1984 (Towards a theology of Interfaith Dialogue), attachant une réponse de l'évêque Michael Nazir-Ali intitulée "That Which Is Not To Be Found But Which Finds Us" ("Ce qui n'est pas être trouvé mais qui nous trouve.")

20. Rapport posté sur <http://nifcon.anglicancommunion.org>.

21. Lignes directrices postées sur www.porvoochurches.org

22. Rapport posté sur <http://nifcon.anglicancommunion.org>.

23. T.S. Eliot, "Little Gidding" V, 'Four Quartets'

24. Jér. 29:7

25. Matt. 5:44

26. 2 Kor. 8:9

27. Fil. 2:7

28. Matt. 25:31...

29. John Wesley, Sermon XXXIV en "Forty-Four Sermons on Several Occasions". Wesley conclut de son texte, 2 Rois 10.15 le

besoin d'un "esprit catholique" parmi des chrétiens de traditions différentes, mais l'application de ce principe aux différences plus grandes et plus profondes entre religions est facile à voir.

30. Jaona 3:8.

31. "Embassy, Hospitality and Dialogue: Christians and Peoples of Other Faiths – Rapport à la Conférence de Lambeth de 1998 par l'évêque Michael Nazir-Ali, posté sur <http://www.lambethconference.org>

32. Lioka 10: 5-9

33. 2 Kor. 4:5

34. 2 Kor. 5:20

35. Gén. 18: 1-15, Hébr. 13:2

36. Lioka 24:16

37. Dabru Emet: A Jewish Statement on Jews and Christianity (2001), posté sur www.icjs.org/what/njsp/dabruemet.html; A Common Word between Us and You: An Open Letter and Call from Muslim Religious Leaders posté sur www.acommonword.com

38. The Church of the Triune God – The Cyprus Agreed Statement of the International Commission for Anglican-Orthodox Theological Dialogue (ACC 2006) II.